# 365Tantara

## 88. Alika kely miady amin'ny alika be !



# 88. Alika kely miady amin'ny alika be!

Tantara tena marina ity. Nitranga tany amin'ny tanàna iray hoe Doubs, any Frantsa.

Tantaran'ny mpifanolobo-dirindrina vavy anankiroa. Ny iray manana alika be mpiambina ary ny iray manana alika kely, “teckel”.

Samy tena tia ireo alikany ireo izy roa vavy.



Ny iray tamin’ ireo mpifanolo-bodirindrina  dia lasa nandeha andro vitsivitsy. Indray maraina, ilay iray hafa izay tompon'ilay alika be mpiambi¬na, nahita ny alikany tonga nitondra ilay alika kely teo am-bavany, maty, feno tany, kanefa tsy nisy marika kaikitra na vono.



Inona no atao?

Indrindra fa tsy te hanana olana amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminy izy. Nijanona fotoana ela tena sanganehana izy...

Dia avy eo nanapa-kevitra izy. Lasa izy nanasa ilay alika kely, namaininy tsara ta-min'ny famainana volo ilay izy.

Ary napetrany teo ambonin’ ny tsihy famaohan-tongotr’ilay mpifanolo-bodirindrina aminy.

Tsy hoeritreretiny mihintsy hoe hadisoan'ny alika beny io. Indrindra fa tsy nisy dia kaikitra tamin’ilay “teckel”.

Nanantena mafy izy fa tsy hisy tohiny ity zava-nitranga ity…



Ny takarivan’ny alahady, niverina avy amin’ ny faran'ny herinandro ilay mpifanolo-bodirindri¬na. Fotoana vitsy taty aoriana dia tonga nandondona tao an-tanony izy, nanontany raha tsy nahita zavatra hafahafa teo amin'ny manodidina nandritra ny faran'ny herinandro izy?

Amin'ny rivotra mazava dia namaly azy ilay iray hafa hoe: - Inona no tianao ambara fa izaho tsy nahatsikaritra zavatra hafahafa. - Tena mahaliana izany.

Maty talohan'ny nandehananay tamin'ny herinandro lasa ilay alika kelinay. Nalevinay mivady lavidavitra tery ilay izy, tamin'ny toerana be tany.Dia heverinao fa tamin'izahay tafaverina dia nahita ny alika kelinay madio be, maty mazava ho azy, teo ambonin’ ny tsihy famaohan-tongotray. Azo sary an-tsaina mora foana ny zava-nitranga tao am-po sy ny lohan'ilay mpifanolo-bodirindrina tompon'ilay alika lehibe! Loza!



Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Misy lesona raisina tamin'ity tantara ity:

Aleo foana miatrika ny zava-mitranga ary miteny ny marina fa tsy manafinanafina. Raha tsy izany dia toy ny voageja amin'ny laingantsika isika, ary tsy ho toy ny taloha intsony ny fifandraisana amin'ny hafa. Ary ao amin' ny ara-panahy, isika zanak'Andriamanitra, raha tsy manetry tena sy manaiky ny tena nitranga manoloana olona iray, tsy hadio mihintsy ny fifandraisantsika amin'An¬driamanitra sy ny hafa. Ary halahelo ny Fanahy Masina ao anatitsika, na ho faty mihitsy aza. Ao amin'ny Epistilin'i Paoly  ho an'ny Efesianina 5:25, hoy I Paoly amintsika hoe: Mialà amin' ny lainga ianareo, esory ny fitaka, aoka ny tsirairay hiresaka am-pahamarinana amin'ny namany.



Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa